Tsy azo atao ny mandao (mirafy) ny rahalahiny mihoatra ny telo alina, rehefa mifankahita izy ireo, ary mandà izy roa lahy, mifanome lamosina ary ny tsara indrindra amin'izy ireo dia izay manomboka miarahaba manao ny Salamo

Tatitra azo avy tamin'i Abi Ayob al-ansàrý (R.A), Niteny i Mpaminany (S.A.W) manao : " Tsy azo atao ny mandao (mirafy) ny rahalahiny mihoatra ny telo alina, rehefa mifankahita izy ireo, ary mandà izy roa lahy, mifanome lamosina ary ny tsara indrindra amin'izy ireo dia izay manomboka miarahaba manao ny Salamo."
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nandrara i Mpaminany (S.A.W) fa tsy azo atao ny mandao ny rahalahiny mpino mitovy finoana aminy mihoatry ny telo alina, ka mandritra izany fotoana izany dia mifankahita eny an-dàlana izy roa nefa tsy hifampiarahaba na tsy hifampiresaka. Ny tena tsara indrindra amin'ireo mpifanolana roa dia izay miezaka mandrava ny ady, ny atao hoe : Fisitahana eto dia ny Fanalavirana izay ataony vatana, fa ny fanalavirana manoloana an'i zo ny Tompo Allah ilay avo Tsitoha, dia alavirana toy ny fanalavirana an'ireo mpanota no sady tsy mpankatoa an'i Tompo Allah sy ireny mpamorona ny zava-baovao amin'ny Finoana sy ireo mpanao Ratsy maro samy hafa, nefa izy ireo manao ho namana, tsy ferana amin'ny fotoana iray ihany anefa izany fa miankina amin'ny fahalianana amin'ny fanalavirana, ary manjavona miala rehefa tafiala.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/5365